# Ny nofy tsara dia avy amin'IAllah, ary ny nofy ratsy dia avy amin'i Satana, ka raha misy aminareo manonofy izay mampahatahotra azy, dia aoka handrora amin'ny ilany havia izy, ary hitady fialofana amin'IAllah amin'ny faharatsian'izany, dia tsy hahavita haninona azy

Tatitra azo avy tamin'i Abo Qoatada (R.A) : Niteny i Mpaminany (S.A.W) manao hoe : "Ny nofy tsara dia avy amin'IAllah, ary ny nofy ratsy dia avy amin'i Satana, ka raha misy aminareo manonofy izay mampahatahotra azy, dia aoka handrora amin'ny ilany havia izy, ary hitady fialofana amin'IAllah amin'ny faharatsian'izany, dia tsy hahavita haninona azy".

[Mari-pototra] [Notantarain'i Bokhari sy Moslim]

Nampahafantatra ny Mpaminany (S.A.W) fa ny nofy tsara mahafaly amin'ny torimaso dia avy amin'I Allah, ary ny nofy ratsy izay maharikoriko sy mampalahelo dia avy amin'i Satana. Ka izay mahita zavatra halany, aoka izy handrora amin'ny ankaviany, ary hitady fialofana amin'IAllah amin'ny faharatsiany. Tsy hanisy ratsy azy izany, satria nataon'I Allah ho fiarovana amin'ny loza ateraky ny nofy ilay voalaza.



النجاة الخيرية
ALNAJAT CHARITY
لجنة الدعوة الإلكترونية
EDC E-Da'wah Committee